



POLITIKA SMI

Laharana: MGT-DOC-001

Andininy faha- : 5

Daty: 10/12/2024

Pejy: 1/1

Amin'ny maha-mpitantana ny seranam-piaramanidina iraisampirenena'Antananarivo sy Nosy Be ny orinasa Ravinala Airports, dia tafiditra ao anatin'ny sokajin'ny mpandraharaha tsy azo ihodivirana amin'ny lafin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy lovain-jafy an'i Madagasikara izy.

Ny vinantsika ho amin'ny taona 2027 dia ny ahafonga ny seranam-piaramanidin'Antananarivo sy Nosy Be ho fitaratry ny fahaiza-mandray mampivavaka ny Malagasy, sy, ho toerana ahafahan'ny mpandeha mifamezivezy ampitoniana.

Mikendry lalandava ny fahatsaran'ny kalitaon'ny asa sy ny fanomezana fahafaham-po maharitra ireo mpiaramiombon'antoka isika.

Mifanaraka amin'ny vina sy ny andraikitsika, dia namolavola **tanjona stratejika** dimy isika :

1. **Fanaiana amin'ny antsakany sy andavany ny lalàna rehetra mifehy ny asantsika sy fametrahana ireo fenitra iraisam-pirenena manodidina ny fitantanana seranana ;**
2. **Fihainoana sy fanomezana fahafaham-po ireo mpanjifa mpandeha, kaompaniam-pitaterana anabakabaka ary mpiara-miombon'antoka ;**
3. **Fandraisana anjara mavitrika amin'ny fampandrosoana ara-toe-karena eto amin'ny faritra misy ny seranana sy eto amin'ny firenena iray manontolo ;**
4. **Fampivelarana ny fahaiza-manao sy fanomezana fahafaham-po ny mpiaramiasa rehetra ;**
5. **Fiarovana ny tontolo iainana sy ny fanomezan-danja ny andraikitra ara-pirahamonina sahanin'ny orinasa.**

Hahafahantsika manatratra ireo tanjona ireo dia nanangana Rafi-pitantanana anatin'ny (SMI) isika sy ny Rafi-pitantanana'ny fahaleman'ny serananam-piaramanidina (SGS). Ireo rehetra ireo dia mifanaraka amin'ny soatoavintsika : ny fiahiana, ny fikendrena ny ho ambony hatrany, ny fikatsahana fahafaham-po, ny fanoloran-tena.

Mba hampahomby kokoa ity Rafitra ity, dia nametraka fomba fiasa mifandraika amin'ireo fepetra takian'ny fenitra ISO 9001: 2015 sy ISO 14001: 2015 ireo isika ary koa ny lalàna sy ny fepetra mifanaraka amin'ny asantsika.

Mba ahafahana manao izany, ny Tale Jeneraly dia manao ireto velirano ireto :

- hanatsara hatrany ny Rafi-pitantanana anatin'ny ;
- hanangana Komity mpitantana izay mamaritra ny tanjona kendrena sy ny enti-manana ilaina amin'ny fanatrarana izany, ary manara-maso ny fampiharana an'io Rafi-pitantanana anatin'ny io ;
- hanendry ekipa iray hisolo tena ny Mpitantana amin'ny fampiharana sy ny fampandehana ny Rafi-pitantanana anatin'ny ;
- handinika sy hampihena ny tandindon-doza mifandraika amin'ny asantsika, ao anatin'izany ireo mifandray amin'ny QHSE sy ny SGS ;
- hiandraikitra ny hoenti-manana ilaina entina hiarovana ny tontolo iainana, hisorohana ny fandotoana ary hampihena ny fiantraikan'ny asantsika eo amin'ny tontolo iainana ;
- hampivelatra ny fahaiza-manaon'ny mpiaramiasa rehetra hampiroboroboana ny fivoaran'ny asa aman-draharaha izay sahanin'izy ireo sy hanampy azy ireo haharisika kokoa amin'ny fandraisany anjara amin'ny fiainan'ny orinasa ;
- hihaino ny mpiara-mombon'antoka ary hampahafantatra azy ireo, araky ny tokony ho izy, ity politika ity ;
- hanentana ny mpiara-mombon'antoka rehetra, izay manao fihanarahana amin'ny orinasa, hanaraka ny Rafi-pitantanana anatin'ny napetraka, mba hampiroborobo sy hampaharitra ny fiaraha-miasa.

Ireo velirano sy ireo tanjona mifandraika aminy dia hodinihina sy hampiharina isan-taona isaky ny rafi-pitantanana sy sampana ato amin'ny orinasa. Mahatoky ny fiaraha-miasa mavitrika sy ny fahazotoan'ny tsirairay aho amin'ny fampiharana ity politika SMI ity.

Antananarivo, 10 desambra 2024
NY TALE JENERALY

